Koa raha Hitanareo izay manaraka andininy mitovitovy amin’izany, dia ireo no nolazain'i Tompo Allah, koa mitandrema amin’izy ireo ihany koa

Tatitra avy amin'i Aishat (R.A) Niteny ka nanao hoe : Namaky i Mpaminany (S.A.W) ny andininy Soratra masina hoe : { Hoa Alladhi 'anzal a'layk Alkitàb minh àyàtom Muhkamat Hunn 'umm Alkitàb wa'ukhar Mutashàbihàt fa'amma Alladhin fÿ Qulubihim Zayghoun Fayattabio'na mà Tashàbah Minho-btigha' Alfitnat wabtigha' ta°wilihi, Wamà ya'lam ta°wilaho 'illa alllahu, Walrràsikhuna fil i'lm yaqolona àmanna bih qol kollon min i'ndy Rabbina wamà Yadhdhakkar 'illà ôlol al'albàbi } [Al i'mrän: 7] Niteny Izy hoe : Niteny ilay Irakan' i Tompo Allah (S.A.W) : " Koa raha Hitanareo izay manaraka andininy mitovitovy amin’izany, dia ireo no nolazain'i Tompo Allah, koa mitandrema amin’izy ireo ihany koa

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Namaky i Mpaminany (S.A.W) ilay andininy Soratra masina hoe : { Hoa Alladhi 'anzal a'layk Alkitàb minh àyàtom Muhkamat hunn 'umm Alkitàb wa'ukhar Mutashàbihàt fa'amma Alladhin fÿ qulubihim Zayghoun Fayattabio'na mà Tashàbah minho-btigha' Alfitnat wabtigha' ta°wilihi, Wamà ya'lam ta°wilaho 'illa Alllahu, Walrràsikhuna fil i'lm Yaqolona àmanna bih qol kollon min i'ndy Rabbina wamà Yadhdhakkar 'illà ôlol al'albàbi} [Al i'mrän: 7] amin'ny izany dia nampahafantatra i Tompo Allah fa Izy no nampidina ny Boky masina Koroany tamin'ny Mpaminaniny (S.W.A), ao amin'ireo andian'ireo ny mazava ny izay rehetra voalazany, manana heviny mazava, izay fantatra sy mazava ny fanapahan-keviny, izy ireo no niandohan’ny Boky, ary izy ireo ihany koa no fiverenana amin’ny fotoana izay mety miseho ny tsy fitovian-kevitra. Ary misy ny andininy hafa izay mety manana dikany mihoatra ny iray, izay mampisafotofoto ny hevitr'izy ireo amin'ny Olona sasany, na heverina fa misy fifandirana eo amin'izy ireo sy ny andininy hafa, dia nohazavain' I Tompo Allah ny fifandraisan'ny Olona tamin'ireo andininy ireo. Koa ireo izay manana olana amin’ny fahamarinana ny ao Am-pony, dia miala amin’ny fanapahan-kevitra hentitra Izy, ka maka izay mitovitovy sy azo atao, mikendry ny hampiahiahy sy hamitaka ny Olona dia mitady ny handika izany araka izay mifanaraka amin’ny faniriany. Fa izay miraiki-po amin'ny fahalalana kosa dia mahalala ny marina sy ny heviny ka averiny hazavainy tahaka ireo izay mazava tsara ireny ary hinoany fa avy amin'ny Tompo Allah avokoa izany, ka tsy tokony ho mampisalasala sy hifanohitra. Tsy misy mahatsapa izany afa-tsy ireo izay manana toe-tsaina madio, avy eo Nilaza i Mpaminany (S.W.A) tamin'ny maman'ireo vahoaka Mpino A'ishat (R.D) fa rehefa hitanao ireny Olona izay mpanaraka ny tsy mazava amin'ny sasany ireny, dia nantsoin'ny Tompo Allah hoe : { Fa'amma Alladhin fÿ qulubihim Zayghoun = izany hoe : Izay Olona manana olana amin'ny fahamarinana }. Koa tandremo izy ireo ary aza mihaino azy ireo.